


# ALAHADY VOALOHANY KAREMY - TAONA -B-2024



*« Tonga ny fotoana, ary efa akaiky ny Fanjakan'Andriamanitra ; mibebaha ianareo ary minoa ny Evanjely » (Mk. 1: 15)*

Ry Kristianina havana, amin'izao Alahady voalohan'ny karemy izao dia tian'ny Eglisy sahady ho tsapantsika amin'ny alalan'ireo vakiteny ireo fa izao fitorantsika mankany amin'ny Paka

mandritra ny 40 andro izao no iezahantsika miala amin'ny fiainana tsizarizary izay mandrendrika antsika amin'ny fahotana ka hitondra antsika kosa amin'ny fiainam-baovao amin'ny Paka ka Jesoa Fihavanana handresy ny fahotana, handresy ny fahafatesana, nitsangan-ko velona hampihavana antsika amin'ny Ray, hampihavana antsika samy isika, hampihavana antsika amin'ny zava-boary ka hanaovantsika "départ vaovao", fiaingana vaovao hahatonga antsika ho EOV MISIONERA VITA BATEMY IRAHINA HO TABERNAKLA VAOVAO HIZARA NY FAMINDRAMPON'ANDRIAMANITRA HO MPAMAFY FIADANANA SY FANANTENANA. Raha miara-maty amin'i Kristy tokoa isika dia hiara-hitsangana Aminy koa. "Ady sady Dia" ny fiainana maha zanak'Andriamanitra antsika ka ny fifikirana amin'Andriamanitra sy ny fiombonana amin'i Kristy no hery ho antsika.

Vakiteny I : Jen. 9, 8-15

Tononkira : Salamo 24

Vakiteny II : 1 Pi. 3, 18-22

Evanjely : Mk. 1, 12-15

Ry Kristianina havana aoka hararaotintsika izao Karemy izao hiomanantsika bebe kokoa amin'ny Kondresy Eokaristika Ken 2024 izay fihavanana no ivon'ny lohahevitra. Milaza miara-mahita isika fa ny Fihavanana aloha no maratra indrisy amin'izao andrantsika izao. Mba ho afaka hanasitrana an'izao tontolo izao dia izy fihavanana aloha no tsy maitsy sitranina. Fantatsika ny zava-misy araka ny fiteny malaza amin'izao hoe : "aleo very tsikalakalam-pihavanana toa izay very tsikalakalam-bola...". Ny fitiavan-tena no manjaka ka ny

tombontsoan'ny teny no voalohany ka rava ilay soatoavina. Izao karemy izao no aoka àry hanarenana azy vokatry ny fibebahana.

Raha ny foto-kevitra amin'izao Alahady voalohany amin'ny Karemy izao dia mifanojo amin'ny lohahevity ny Kongresy : “ Te-hihavana amintsika Andriamanitra...” Io indrindra no tanjon'izao Kongresy izao “hihavana amin'Andriamanitra”. Tsy ho tanteraka izany raha tsy misy fibebahana. Mila ohatra velona azontsika tahafina isika amin'izany dingam-piaianana izany.

Raha mijery ny tantaram-piaianan'i Lucien Botovasoa isika, izy dia maty marty, nijoro tamin'ny finoana. Vanim-potoana sarotra tahaka antsika izao no niainany. Fantatsika fa izy dia Lehilahy Marina, Rabefihavanana no fiantsoan'olona azy. Olona tia vavaka izy. Haintsika ny fiainany rehefa nibebaka izy fa nametraka an'I Jesoa ho ivom-piaianana sy eo anivon'ny fiainana ka nahavita nanao ny fifadian-kanina nentina hanamasinana ny fiainana. Tsy nisaraka taminy ny fiainana fitsimbinana ny hafa amin'ny alalan'ny fanaovana asa fiantrana vokatry ny fitiava-namana. Ireo rahateo no fototra manambara ny fibebahana sy ny toe-piaianana vaovao ary ny fitondran-tena mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra ka miroso amin'ny fiombonana amin'i Jesoa.

Amin'ny Evanjely androany dia manambara fa nentin'ny Fanahy tany an'efitra sy nalain'ny satana fanahy i Jesoa Tompo. Midika inona izany ho antsika, indrindra inona ny ho entintsika eo amin'ny fiainantsika amin'izao karemy izao ?

Ny tany efitra dia toerana foana tanteraka karankaina, tsy misy zava-maniry, tsy misy olona mipetraka ka zary mampatahotra, mampavozo. Raha tojo fiainana sarotra isika ary matetika amin'ny fotoan-tsarotra no trtry ny fakam-panahy isika dia mitovy amin'ny hoe tany an'efitra izany hoe voahilikilika isika, irery tsy eo anivon'ny tena fiainana, tsy mahita ny marina. Izany indrindra no atrehintsika amin'izao vanim-potoanan'ny Krizy izao. Karankaina ny fiainantsika. Tsy misy tsy mikiky fa indrindra ny fianakaviana no mitondra faisana ho antsika. Izy no victime voalohany. Maro ny very fanahy mbola velona. Izany indrindra no tian'I Papa asongadina amin'ny hafatra amin'ny Karemy. Noho ny krizy noho ny aretina dia mitoka-monina ny marary amin'ny toerana maro.

Ny ao anatintsika koa dia azo lazaina ho tany efitra maina “tany milevin-drano” hoy ny fiteny any Atsimo raha tsy misy fitiavana intsony satria zary karankaina, ritra ny fo, lany fitiavana ka tsy mahay mamindra fo na mandinika ny tsara fa voazarazaran'ny hevi-dratsy ka lasa efitra ihany koa. Efitra ny fiainantsika satria lasa karankaina ny fo ka maina tsy misy vokany ny fiainana. Indrisy izany ny voka-dratsy entin'ity krizy maro lafy mikiky ny fihavanana tokony hanasitrana antsika ity.

Mampianatra antsika i Jesoa androany ao amin'ny Evanjely. Rentsika fa niara-nitoetra tamin'ny bibilava izy ary niatrika zavatra maro. Ny tian'ny Eglisy ho tsapantsika dia isika vonona hiala amin'ny toetra fahiny izay manapotika antsika ka miditra amin'ny fiainam-

baovao, hanao "départ vaovao" vokatry ny fiovam-penitra mahery vaika. Mampirisika antsika ny Tenin'Andriamanitra hahalala fa mandalo miserana ity fiainana ity.

Ny bokin'i Jenezy amin'ny vakiteny voalohany : na dia ho potika aza tratry ny safodrano dia tsy miala ny famindram-pony Andriamanitra ka mampanantena mandrakariva ny fanekem-pihavanana vaovao izay tanteraka tamin'i Noe : "*Izaho dia hanao fanekem-pihavanana aminareo sy amin'ny taranaka mandimby anareo, amin'ny zava-manana aina rehetra izay eo aminareo, na vorona, na biby fiompy, sy ny bibin'ny tany rehetra, hatramin'izay nivoaka avy tao an-tsambo fiara ka hatramin'ny biby rehetra ambonin'ny tany. Manao fanekem-pihavanana aminareo aho: tsy hisy levon'ny safo-drano intsony ny nofo rehetra, ary tsy hisy safo-drano handringana ny tany intsony*". Fantatsika fa tandindon'i Jesoa ny fanekem-pihavanana nataon'Andriamanitra tamin'i Noe. Raha mifikitra amin'Andriamanitra isika na dia ao anatin'ny fiainana tsizarizary aza dia mipololotra mandrakariva ny fanantenana, avy ao no mitsimoka ny aim-baovao ary dia efa mampanantena antsika ny Paka izay fandresen'i Kristy ny ratsy izany rehetra izany. Io indrindra ny hafatry ny Papa amin'izao Karemy izao izay azo fintinina amin'ny hoe tsy maintsy olom-pinoana, olom-pitiavana, olon'ny fanantenana....

Na dia mafy azy ny fiainana any an'efitra, tsy izay ny tanjona, na dia misy aza ny safo-drano mitady hanapotika ny zava-drehetra, na dia eo aza ity krizy atrehintsika hatramin'ny aretin-mifindra dia tsy ireo ny teny farany. I Jesoa Tenin'Andriamanitra, Fihavanantsika no Tompon'ny Teny Farany. Izy no Alfa sy Omega. Io indrindra no rentsika ao amin'ny Evanjely. Andriamanitra tsy mamela antsika fa tiany isika ho voaavotra. Izany koa no antenaintsika araky ny ambaran'i Md Piera amin'ny vakiteny faharoa : "*na i Kristy aza niaritra fahafatesana indray mandeha noho ny otantsika, dia Izy marina ho an'ny tsy marina, mba hanolorany antsika amin'Andriamanitra, ka novonoina tamin'ny nofo Izy, fa novelomina tamin'ny fanahy*" izay manambara ny fiekiem-pinoantsika. Matoky àry isika fa nandresy ny ratsy i Jesoa ka hiombona Aminy isika.

Mbola manamafy izany ny Evanjely, i Jesoa niaritra ny fakam-panahy maro isan-karazany, "Ady sady Dia" ny fiainana fa raha miaraka Aminy isika dia miditra amin'ny fiainam-baovao satria nandresy ny fahafatesana izy mba hahatonga antsika ho mpandova ny fiainana mandrakizay.

Ny ady natrehin'i Jesoa tao an'efitra dia tsy araky ny mahazatra antsika amin'ny Evanjely hafa fa nofintinin'i Md Marka "*i Jesoa dia nentin'ny Fanahy ho any an'efitra, ka nitoetra tany efapolo andro dia nalain'i Satana fanahy sy niara-nitoetra tamin'ny bibidia, ary ny Anjely nanompo Azy. Ary rahefa natao an-tranomaizina i Joany, dia nankany Galilea i Jesoa nitory ny Evanjelin'ny Fanjakan'Andriamanitra, ka nanao hoe: "Tonga ny fotoana, ary efa akaiky ny Fanjakan'Andriamanitra ; mibebaha ianareo ary minoa ny Evanjely*". Nalaina fanahy tao an'efitra i Jesoa, nandresy ny fakam-panahy ary dia miditra amin'ny fiainam-baovao ka miantso antsika izy hibebaka sy hino ny Evanjely.

Ry Kristianina havana, aoka isika hanararaotra izao fotoana izao araky ny averimberintsika matetika, izao ny fotoana tsara. Efa akaiky ny fanjakan'Andriamanitra, ao am-pontsika ao Izy satria efa nesorintsika ireo "encombrement" isan-karazany ary hiezaka hatrany isika hanala ireo "encombrement" ireo.

Aoka àry isika hibebaka sy hino ny Evanjely tokoa, aza miandry andro lava fa manaova ny dingana hanatonantsika ny sakramentan'ny fampihavanana sy ny eokaristia.

Ry Jesoa Tompo ô, tsy fotoana natao hivavahana sy hamolaha-tena fotsiny ny karemy fa fotoana ianarana ny fiainanao, iezahana hanaraka Anao bebe kokoa tahaka an'i Lucien Botovasoa izay nanaraka Anao teny amin'ny lâlan'ny kalivery. Izay fanarahan-dia Anao izay no mahatonga ny anaranay "kristianina". Enga anie mba ho EOV TOKOA KA HO MISIONERA ZARY TABERNAKLA VELONA izahay.

Ampio izahay tsy hatahotra hiditra amin'ny fiainana sarotra any an'efitra, ampio izahay ho vonona hiady amin'ireny fakam-panahy maro isan-karazany ireny, ampio izahay hiroso lalindalina kokoa amin'ny fampijoroana ny Eglisy Olona Velona mba ho génération mpanorina tokoa izahay, hanorina ny fanjakan'Andriamanitra ka izahay koa ho tahaka an'i Lucien Botovasoa, ho tahaka ani' Victoire Rasoamanarivo tsy hatahotra hijoro ho tena vavolombelona eo anivon'ny fiainanay. Ho Mpampihavana tahaka azy ireo izahay satria ny fihavanana no hanasitrana an'izao tontolo izao.

Enga anie izahay araky ny fampianarana teo mba hiroso amin'ny tena maha-Kristianina anay, hanararaotra an'izao tokoa izahay, hanararaotra an'izao karemy izao mba hanao ezaka satria ianao efa nanome ohatra velona ho anay. Ianao no Fihavanana, Fihavanana hanasitrana an'izao tontolo izao... Enga anie izahay hiala amin'ireny tabataba, korontana eo amin'ny fiainanay ireny, tabataba tsy mifanaraka amin'ny sitrakao fa hanararaotra ny fahanginana any an'efitra hivavahana sy hiombonana Amino bebe kokoa. Hanararaotra an'izao karemy izao izahay mba hanokana ny fiainana ny fahanginana satria ny tsara tsy ao anatin'ny tabataba ary ny tabataba tsy mitondra na oviana na oviana amin'ny tsara.

Ampianaro izahay hahay hangina, tsy hoe fadosirana fa fahanginana iombonana bebe kokoa Amino tahaka nataon'i Lucien Botovasoa, tahaka ny nataon'I Victoire Rasoamanarivo rehefa mamangy ny Sakramenta Masina. Modely ho anay tokoa izy ireo amin'izao fiomanana amin'ny Kongresy Eokaristika izao. Hitoetra ao Amino anie izahay ary izahay hitoeranao amin'izay dia hanao "départ vaovao" hiroso amin'ny fiainana maha-zanak'Andriamanitra, hanana fiainana mamokatra bebe kokoa sy tsaratsara kokoa. Ho feno hafaliana ny fiainanay ka hiroso amin'ny fampijoroana ny Eglisy Olona Velona izahay ao Amino. Ho tena génération mpanorina tokoa anie izahay. HO EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA. Masina Maria sy Md Josefa mivavahà ho anay mba hametraka an'I Jesoa eo anivon'ny fiainanay sy ivon'ny fiainanay tokoa izahay. Amen